# Ilay Voa Tsara Nafafy 12 Oktobra 2020

# 12 **Alatsinainy** oktobra

***(Hoy i Joba :)*** **Nahoana re aho no … tsy niala aina, fony vao nivoaka avy tany an-kibo e ?… Nahoana no fahazavana no mba omena ny reraka, ary fiainana ho an'izay latsaka amin'ny fangidiana ? Izay miandry fahafatesana, nefa tsy avy izy.** Joba 3. 11, 20, 21

**Fa navotany *(navotan'Andriamanitra)* ny fanahiko … ary mifaly ny aiko amin'ny fahitana ny mazava.** Joba 33. 28

## Aleo aho ho faty (3) Joba

*Tsara vakina : Joba 3*

Nanankarena sy rakotra zavatsoa i Joba. „Marina sy mahitsy" ihany koa izy, „sady natahotra an'Andriamanitra, ka nifady ny ratsy" (Joba 1. 1). Nefa dia hisy fizahan-toetra lozan-tany, havelan'Andriamanitra hihatra aminy. Fongana tao anatin'ny iray andro ny fananany rehetra sy ny zanany folo mianadahy. Avy eo dia nisy vay ratsy nikiky azy hatrany an-tampon-doha ka hatrany am-paladia. Nandritra izany fotoana rehetra izany, dia tsy mba nikomy tamin'Andriamanitra i Joba, na dia nampirisihin'ny vadiny aza. Teo anefa ny fangirifiriana, ary nitady izay hanampiana azy ireo sakaizany, saingy tsy afaka nanamaivana ny fijaliany ; ary farany dia resy tanteraka izy ! Tsy nangina intsony izy, ka nanozona ny andro nahaterahany, ary naniry ny ho faty. „Nahoana" marobe no nivoaka ny molony…

Manao ny tsy rariny ve Andriamanitra ? Avelany hisy ve izao fizahan-toetra izao, nefa tsy misy tanjona kendreny akory ? Tsia, tia an'i Joba Izy, ka te hampianatra lesona lehibe azy. Taoriana-na adim-panahy naharitra ela, dia ho takatr'i Joba ny elanelana manasaraka azy amin'Ilay Andriamaniny feno fiandrianana sy hery. Ka hoy izy nony farany : „Ankehitriny izao kosa dia ny masoko no mahita Anao ; koa dia miaiky sy mibebaka … aho" (Joba 42. 5, 6). Raha vao azon'i Joba ny lesona, dia sitrana izy, ary nitahy azy fatratra Andriamanitra.

Ry kristiana, rehefa misosa tsy misy olana ny fiainantsika, dia tandidomin-doza isika hihevitra fa tahin'Andriamanitra noho ny hatsarantsika. Mety hanadino isika fa avy aminy no ananantsika ny zavatra rehetra. Noho izany dia mampisy zava-manahirana Izy, hanereny antsika hisaintsaina indray ny fiainantsika, mba hahitantsika izay rehetra tsy mifanaraka aminy ao am-pontsika ao. Nefa asehony amintsika ihany koa ny halehiben'ny voninahiny sy ny fahasoavany. Mampangirifiry izany, nefa matokia isika fa ny tiany mandrakariva dia ny hanisy soa antsika, any am-parany (Jakoba 5. 11).